



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-45

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKI NY:**

- VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-009/2019 TAMIN'NY 4 DESAMBRA 2019, «RELATIF A LA LUTTE CONTRE LES VIOLENCES BASEES SUR LE GENRE».

- TOLO-DALANA FEHIZORO LAHARANA FAHA-04-2019/PL «COMPLETANT ET MODIFIANT L'ARTICLE 82, ALINEA 2 DE L'ORDONNANCE N°2005-005 DU 22 MARS 2006 RELATIVE AU STATUT DE LA MAGISTRATURE, PRESENTEE PAR LE DEPUTE RAFENOMANANTSOA TSIRIMAHARO NY AINA, RAPPORTEURE GENERALE ADJOINTE DE L'ASSEMBLEE NATIONALE».

Fivoriana faha-32  
Natao ny  
Zoma 13 Desambra 2019  
- Atoandro -

## **FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA**

**Natao ny**

**Zoma 13 Desambra 2019**

**Atoandro**

Pejy

- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019.....	02
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-04-2019/PL .....	08
- Fiatoan'ny fivoriana .....	11

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrsitine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: -RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina  
-RAHELIHANTA Jocelyne

**FOTOANA:** Zoma 13 Desambra 2019, 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny:

- Volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019, «relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre».

- Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-04-2019/PL «complétant et modifiant l'article 82, alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 relative au Statut de la Magistrature, présentée par le Député RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Rapporteur Générale Adjointe de l'Assemblée Nationale».

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivorantsika.

Miarahaba antsika rehetra, tonga manatrika izao fivoriana izao.

Hiroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra angamba isika.

Ity volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019, "relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre » ity dia mikasika ny ady amin'ny herisetra atao amin'ny «genre».

Misy lohateny miisa 4 ary ahitana andininy miisa 22.

Izay angamba no marina, Ramatoa Minisitra.

Tiako aloha ny manamarika, sao mbola misy fanazavana tianao hoentina aloha, sa efa izay.

- 2 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 -**

**Ramatoa FILOHA**

Ny famelabelarana ny antonantony na ny “exposé des motifs” izao no hirosoantsika ny fandaniana azy.

Iza no manan-kambara mikasika ny famelabelarana ny antonantony na ny “exposé des motifs”.

- Tsy misy -

Atsangano ny tangan’izay mandany ny “exposé des motifs”.

- Solombavambahoaka miisa 71 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka miisa 2 no nanangan-tànana -

Ambarako fa lany ny famelabelarana na ny “exposé des motifs”.

**«TITRE I: DISPOSITIONS GENERALES»**

Ahitana andininy miisa 2.

**Andininy Voalohany sy andininy faha-2**

Iza no manan-kambara amin’ireo andininy ireo.

- Tsy misy -

Atsangano ny tangan’izay mandany an’ireo andininy ireo.

- Solombavambahoaka miisa 71 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambarako fa lany ny “Dispositions Générales”.

## **«TITRE II: DE LA REPRESSION»**

Ahitana andininy miisa 10.

**Andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-12.**

Iza no manan-kambara mikasika ireo andininy ireo.

Eny Tompoko, omena fitenenana ianao raha mikasika ireo andininy ireo.

### **Andriamatoa RAYMOND**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Isika Solombavambahoaka namana, fangatahana ny ahy, satria “repression” no atao ary tokony hanana “effet dissuasif” ny lamandy. Heveriko fa maivana io, koa raha azo atao, aleo ampakarina kely.

Faharoa, ao amin’ny “article 6” manao hoe: “toute acte de pénétration sexuelle», izay no voasoratra ato. Mieritreritra aho hoe «tout acte sexuel» satria ny «acte sexuel», marobe ny «définition» momba izany fa tsy «pénétration» ihany. Tokony hesorina ny teny hoe “pénétration”, fa atao “acte sexuel” ihany.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Raha nanome fanamarihana tamin’ny “article 6” ianao dia tokony hanome “proposition” koa satria hoy ianao hoe: maivana ny lamandy; voalaza amin’io “article” io mantsy fa 100 000 Ariary ka hatramin’ny 500 000 Ariary ny lamandy.

Firy ny “proposition” omenao.

### **Andriamatoa RAYMOND**

Farafahakeliny 2 000 000 Ariary ka hatramin’ny 4 000 000 Ariary.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Mikasika an’izay, “article” fahafiry azafady. Ny «article 3» aloha efa misy sazy. Ny sazy amin’ny “acte de pénétration sexuelle” ve no maivana loatra aminao sa ny «article 3, article 4» sa ny «article 5 et 6» satria samy misy lamandy daholo ireo.

### **Andriamatoa RAYMOND**

Ny “condamnation pénale” satria io lamandy io eritreretiko fa hanaovana “réparation”-n’ny olona iharan’ny herisetra.

### **Ramatoa FILOHA**

Izao no tiako hazavaina, voatery miteny aho amin’ny mahampitsara ahy. Hafa ny “condamnation” amin’ny “dommage intérêt” iny amin’ny voina izany.

Ity tena "condamnation pénale", izany hoe lamandy ary misy "article 3,4,5,6" manome lamandy daholo. Izy rehetra ireo ve no hitanao hoe maivana ka hampiana, sa ny faha-6 ihany.

### **Andriamatoa RAYMOND**

Izy rehetra, Ramatoa Filoha.

Ny ahy ny "proposition" amin'ity, izay resa-bola izany tiako hoferana hoe 2 000 000 Ariary farafahakeliny, manomboka amin'ny "article 3" ka hatramin'ny "article 6" ary 4 000 000 Ariary farafahamboniny. Amin'ny "article" rehetra izany.

Misaotra Tompoko

### **Ramatoa FILOHA**

Azafady hanangan-tànanana isika amin'izany "proposition" nataon'ny Solombavambahoaka RAYMOND izany, satria ny andininy faha-3,4,5,6; maivana loatra ny sazy raha ny fijeriny azy. Nanao "proposition" izy hoe: ny lamandy aloa amin'ireo andininy ireo dia atao 2 000 000 Ariary ny farany ambany ary 4000 000 Ariary ny farany ambony; amin'ireo andininy faha-3,4,5,6 ireo. Atsangano ny tànan'izay manaiky ny "proposition" natolotra teo.

- Solombavambahoaka miisa 15 no nanangan-tànanana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 39 no nanangan-tànanana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka miisa 4 no nanangan-tànanana -

Noho izany, ambara fa tsy lany ny "proposition" natolotra teo.

Miroso amin'ny fampandaniana ny "Titre II" isika.

**Andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-12.**

Atsangano ny tànan'izay mandany ny andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-12.

- Solombavambahoaka miisa 65 no nanangan-tànanana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka miisa 2 no nanangan-tànanana -

Ambarako fa lany tsy nasiam-panovàna ny "Titre II", andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-12.

**«TITRE III: DE LA PREVENTION, DE LA PROTECTION ET DE LA PRISE EN CHARGE»**

Ahitana andininy miisa 8.

**Andininy faha-13 ka hatramin'ny andininy faha-20.**

Iza no manan-kambara amin'ireo “articles” ireo?

- Tsy misy -

Atsangano ny tangan'izay mandany an'ireo andininy ireo.

- Solombavambahoaka miisa 69 no nanangan-tanganana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tanganana -

Ambarako fa lany ny “Titre III”, manomboka amin’ny andininy faha-13 ka hatramin’ny andininy faha-20.

**“TITRE IV: DISPOSITIONS FINALES”**

Ahitana andininy miisa 2.

**Andininy faha-21 sy andininy faha-22.**

Iza no manan-kambara mikasika azy ireo.

- Tsy misy -

Atsangano ny tangan'izay mandany an'ireo andininy ireo.

- Solombavambahoaka miisa 72 no nanangan-tanganana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tanganana -

Ambarako fa lany ny “Titre IV”, ny andininy faha-21 sy ny andininy faha-22.

Vita izay ny fijerentsika ny isan'andininy; araka ny voalazan'ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika no handaniana ny volavolan-dalàna.

Atsangano ny tangan'izay mandany ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019, "relatif à la lutte contre les violences basées sur le Genre » amin'ny ankapobeny.

- Solombavambahoaka miisa 70 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambarako fa lany amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019, «relatif à la lutte contre les violences basées sur le genre».

- Horakoraka -

Arahabaina isika nahalany izany voavolan-dalàna izany.

Ramatoa Minisitra sao manan-kolazaina.

**Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien, Minisitry ny Mponina**  
Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ny akoho aza raha misotro rano, mahalala misaotra; ampanetren-tena, ampitiavana no isaorako anareo Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana an'iny volavolan-dalàna iny. Nasondrotrareo ihany koa ny voninahitry ny vadin'ny Filohampirenena satria fantatsika fa izy no "ambassadrice" amin'ity lalàna mifototra amin'ny mahalahy sy mahavavy ity.

Koa na tsy eto aza izy dia mitondra ny fisaorana ho antsika ihany koa manoloana ny fiaraha-miasa izay.

Amin'ny anaran'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta no anehoana fisaorana ho anareo ary faly izahay eo anatrehan'izao fiaraha-miasa izao.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa Minisitra, nitondra an'iny volavolan-dalàna iny teto.

Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana, azafady.

**Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Ramatoa Filoha,  
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,  
Isika Solombavambahoaka.

Manamafy ny fisaorana nataon-dRamatoa Minisitra teo aho.

Omaly isika nisy fisavorovoroana, ka izay no tonga amin'ny fitenenana hoe: ny isavorovoan-kilantoana, nilamina tsara isika androany; koa misaotra antsika rehetra tamin'izany.

Amin'ny anaran'ny Governemanta no itondrana izany fisaorana izany. Mbola manamafy izahay fa tsy misy zavatra mampiahiahy izany ao anatin'ity volavolan-dalàna ity ary sahy miteny izahay fa tsy misy resaka mamoafady mihitsy ao amin'ity zavatra ity. Mbola tsy namaky isika omaly ka izay no antony tsy nahitantsika azy ary ao amin'ny andininy voalohany sy faharoa dia efa hita daholo ny famaritana ny zavatra rehetra ao anatin'io volavolan-dalàna io.

Mbola mamerina ny fanakasitrhana antsika rehetra.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Araka ny voalaza teo, mbola anankiray hanaovantsika vaomiera itambarambe ny mikasika ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-04-2019/PL “complétant et modifiant l'article 82, alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 relative au Statut de la Magistrature, présentée par le Député RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina” avy eo mivadika ho fivoriambe.

Mba ahafahantsika miroso amin'izany, mba hidiana indray ny varavarana azafady.

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 1 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Tonga dia hiditra amin'ny faharoa indray isika.

Ramatoa «Rapporteur Générale Adjointe» RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny aina nanolotra ny Tolo-dalàna, mangataka anao handray ny toeranao.

Marihiko fa ity Tolo-dalàna ity dia misy andininy miisa roa. Nasian'ny vaomiera fanovàna ny andininy faharoa, satria raha efa nojerena tany amin'ny vaomiera dia tsy tonga tao ny «disposition de l'article 4 de l'Ordonnance n°62-041» mikasika ny «urgence». Fanao hatrany izany amin'ny lalàna rehetra rehefa maika, manao hoe: «en raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 décembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la présente loi organique entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radio diffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat».

Hiditra amin'ny fandaniana an'ity tolo-dalàna ity isika izao.

- 3 -

**- Fandriasana fanapahan-kevitra momba ny  
Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-04-2019/PL -**

**Ramatoa FILOHA**

Atsangano ny tènan'izay mandany ny andininy voalohany amin'ity tolo-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Atsangano ny tènan'izay mandany ny andininy faha-2 nasiana fanovàna tamin'ny "disposition d'urgence de l'Ordonnance n°62-041".

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Misy manao satroka.

**Andriamatoa IDEALSON**

Misaotra Ramatoa Filoha.

Angamba tokony hisy zavatra hananganan-tànana koa raha ny fahazoako azy satria nisy fangatahan'Andriamatoa Minisitra teo mikasika ny "rajout" mialohan'ny "article 86", nampiana hoe "dans un délai de six mois à compter de la promulgation de la présente loi organique, le Magistrat admis à l'âge de la retraite au cours de l'année 2019 peut demander le bénéfice de disposition de l'article 82, alinéa 2 nouveau". Nisy an'izay teo satria arofanina koa izay mba tsy hisy koa hoe ny taona 2018 hanararaotra ny «disposition» teo. Hitako fa tena mety ny hametrahana azy ao, ka tokony hampidirintsika amin'ny fananganan-tànana izay.

**Ramatoa FILOHA**

Mety izany, hmpidirina amin'ny "article" fahafiry.

**Andriamatoa IDEALSON**

Misy "rajout" kely hoe "le reste sans changement", izay no nataony teo.

**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Minisitra, ao amin'ny "article premier" amin'ity tolo-dalàna ity izany no ampidirana an'izay?

**Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Ao amin'ny "article 82, alinéa 2" no ampidirana an'izay, ao ambany.

**Ramatoa FILOHA**

Eny, fa ny "article premier" ihany amin'ity tolo-dalàna ity milaza hoe: "article premier: l'article 82, alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 relative au Statut de la Magistrature est modifié et complété comme suit":.. dia asiantsika "alinéa" iray izany ny manaraka.

**Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Asiana "alinéa disposition" manaraka aloha ny iray.

**Ramatoa FILOHA**

Asiana "alinea disposition" manaraka.

Aleo atao tsangan-tànana satria ity mantsy «article» miisa roa ihany no amin'ity tolo-dalàna ity ary mikasika an'io "article 82, alinéa 2" io ihany no navaintsika. Ao anatin'io anefa nampiana ny "alinéa proposition" nataon'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana teo, izay hanaovantsika tsangan-tànana ihany koa.

**Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Azafady anie, Ramatoa Filoha, eo ambanin'ny «article premier» io izany asiantsika teboteboka aloha eo alohan'ny «article 82», satria mbola misy «alinéa 1» teo, asiana teboteboka aloha eo ambony eo.

**Ramatoa FILOHA**

Asiana «trois points de suspension» aloha.

**Andriamatoa Jacques RABENASOLO, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry Fitombokasem-panjakana**

Alohan'iny no asiana azy.

**Ramatoa FILOHA**

«Disposition» manaraka aorian'io voalaza io, «article 82, alinéa (nouveau) ...toutefois, chaque Magistrat», aorian'io izany.

**Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Eo alohan'io no misy ny «trois points de suspension» ary «le reste sans changement» ary nisy ny nampianareo teo hoe «urgence» iny, ao amin'ny «article 2», avy eo misy an'iny "rajout" iny, avy eo indray misy ny "disposition d'urgence".

### **Ramatoa FILOHA**

Izao no marina, ny “service technique” no hanao ny “réaction”, fa ny fanapahan-kevitra raisina eto dia ny fananganan-tànan’ny Solombavambahoaka izay mandany ny “article” amin’ity tolo-dalàna ity miaraka amin’ny fanovàna natao na tany amin’ny vaomiera izany na ny natao teto.

Atsangano ny tànana izay mandany ny voalaza teo.

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Rehefa tsy misy manan-kambara intsony, ambarako fa lany ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-04-2019/PL nasiam-panovàna ary halefa ho lalàna manana ny heriny toy ny lalànan’ny fanjakana rehetra.

Isaorana ny Solombavambahoaka, isaorana koa ny amin’ny Governemanta.

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana.

### **Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Ramatoa Filoha, isika ao amin’ny Birao Maharitra, isika Solombavambahoaka rehetra.

Ny voalohan-teniko dia fisaorana eram-po, eran-tsaina no atolotro anareo tsirairay avy amin’izany fandavan-tena sy fahatsapanareo ny zavatra tena ilain’ny firenena izany.

Izaho tsy hamitaka anareo, sanatria araka ny ahiahinareo teo, fa tena ny hanatsarana ny asantsika; mba tsy hisian’ny “vide insititutionnel” ary hitsinjovantsika ny vahoaka izay maro tokoa no manao an’ireny “cassation” ireny, manao ireny “piles” ireny no nojerentsika amin’izany. Tena fahavoazana lehibe tsy roa aman-tany ho an’ny vahoaka raha sanatria mipetraka teo ny “vide insititutionnel”; ho sahirana isika ary tena sahirana mihitsy ny firenena. Zava-dehibe iny notapahintsika iny, koa isaorana be dia be ianareo tamin’izany fandraisanareo andraikitra izany satria andraikitra izany manomboka eto. Ny Tompo ao ambony anie hitahy anareo, hanome hery anareo tsirairay avy mba ahafahanareo manatanteraka ny adidy aman’andraikitra sahaninareo.

Fantatra fa efa hifaramparana ny “session”, koa ianareo avy any lavitra dia ho tahin’ny Tompo, ho tonga soa aman-tsara any amin’ny tany niavianareo.

Mankasitraka Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, miaraka amin'ny mpiara-miasa aminao rehetra.

**Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana**

Izahay koa mbola mitaona anareo hiaraka amin-dRamatoa Minisitra, mba hifaly satria "textes" roa no niaraka lany koa angamba tsara raha miaraka mifaly kely isika.

- 4 -

**- Fiafioan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahatsiahy antsika, fa mbola hisy izany "travaux des commissions" ho an'ny "commission des finances" aorian'ny LFI avy any amin'ny "Sénat", ao koa ny "commission de l'évaluation des politiques publiques" ary ny "commission juridique", miverina eto indray isika amin'ny 2 ora sy 30 minitra, eo no hanao ny fandaniana ary amin'ny 3 ora na amin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, mamarana ny fivoriana isika.

Mankasitraka Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mankatelina antsika rehetra.

Efa misy sakafo voaomana angamba raha tsy diso aho.

Niato tamin'ny 1 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana.



## FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	01
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2019 tamin'ny 4 Desambra 2019 .....	02
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	02
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	03
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	03
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	03
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	03
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	03
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	03
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	03
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	03
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	04
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	04
- Teny nataon-dRamatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien, Minisitry ny Mponina.....	06
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	06
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	07
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	07
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-04-2019/PL .....	08
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	08
- Teny nataon'Andriamatoa IDEALSON .....	08
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	08
- Teny nataon'Andriamatoa IDEALSON .....	08
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	08
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	10
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	10
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	11
- Teny nataon'Andriamatoa RABENASOLO Jacques, Minisitry ny Fitsarana, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana .....	11

- Fiatoan'ny fivoriana .....	11
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA .....	11